Fiangonana Iray, Voafitak'Izao Tontolo Izao

Jesosy Kristy, ilay Zanany, sy nanome anay malalaka ny zavatra rehetra ao amin' i Kristy. Mankasitraka Anao izahay, Tompo, noho ny tombontsoa izay nekena ho anay tamin'ny alàlan'io Fanatitra lehibe faratampony io izay nomen'i Jesosy anay teo Kalvary, fa io no nampihavana anay indray ho amin'ny firaisana sy ho amin'ny sitraka miaraka Aminao, mba hahafahanay mahazo an'izao fampiononana izao amin'ny fahafantarana fa voasoratra hoe, "Raha mitoetra Amiko ianareo, ary ny Teniko mitoetra ao aminareo, dia afaka mangataka izay tianareo ianareo, ary dia hatao aminareo izany." Ankehitriny, mankasitraka ny amin'izany izahay, ary mivavaka ny mba Hanomezanao anay finoana mba hinoana an'izany miaraka amin'izay rehetra ato anatinay.

2 Ankehitriny avelao izahay hametraka eny an-tsisiny, Tompo, ireo asa mafin'ny andro, ireo fiahiana tsirairay an'ity fiainana ity, manomboka amin'ny mpiandry trano ka hatreny amin'ny pasitera, mba tsy hisy na inona na inona ao an-tsainay ankehitriny, afa-tsy ny miandry, mihaino am-panajana ny Fanahy Masina miresaka aminay, mba hahafahanay manatanteraka zavatra tsara, mba hahafantaranay Anao bebe kokoa, amin'ny alàlan'ny fivorianay miaraka. Satria, Tompo, marina tokoa fa izany no antony ahatongavanay amin'ity andro mafana ity. Mitenena aminay amin'ny alàlan'ny Teninao velona, ary aoka ilay Teny velona honina ato anatinay sy hitoetra ato anatinay, mba hahatonga anay ho voakolokolo sy voavoatra, tsy ho an'izao tontolo izao, fa ho voaova amin'ny fanavaozana ny fanahinay, ho amin'ny endrik'ilay Zanak'Andriamanitra. Oh, mangovitra ny fonay rehefa mieritreritra izahay, ary ny hafaliana no manondraka ny fanahinay, mahafantatra fa izahay dia azo antsoina ho zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra. Mijoro eo amin'ilay tena moron'ny Fihaviany faharoa izahay, ary ny firenena rehetra sy ny fanjakana rehetra dia mangovitra eo ambanin'ny tongotray, ireo zavatra rehetra an'izao tontolo izao dia miha-manjavona, nefa fantatray fa indray andro any dia ho avy Izy ary haka anay ho any amin'ny Fanjakana iray izay tsy hisy fiafarana mandrakizay any, na, tsy hihozongozona mihitsy izany. Ary mieritreritra fa izahay ankehitriny no—no vahoakan'io Fanjakana io! O Andriamanitra, forao ny fonay sy ny sofinay androany, amin'ny alàlan'ny—amin'ny

alàlan'ny Fanahy Masina, amin'ny fanasan' ny ranon'ilay Teny. Fa mangataka izany amin'ny Anarany izahay sy ho an'ny Voninahiny. Amena.

3 Maniry aho ny hanatona ny lohahevitra izao maraina izao. Fa, saika niresaka zavatra anankiray hafa kely aho raha toa ka nisy fivoriana ho an'ny fanasitranana, saingy efa nilaza izahay fa ny karatra fangataham-bavaka dia nozaraina tamin'ny valo, ka hatramin'ny valo sy sasany na amin'ny sivy marina. Ary izaho vao avy. . .Tonga tao an-trano i Billy minitra vitsy lasa izay ary nilaza fa zara raha nisy olona teto, koa dia tsy nizara karatra fangataham-bavaka izy. Noho izany isika dia. . . Nieritreritra aho ny handray ity lahatsoratra ity, ho fanitsiana ny fiangonana. Ary tiako ny hiresaka mikasika ny lohahevitra hoe: *Fiangonana Iray, Voafitak'Izao Tontolo Izao*. Maniry aho ny hamaky sasantsasany ankehitriny avy ao amin'ny Bokin'ny Mpitsara, ny toko faha-16, manomboka ny andininy faha-10.

> *Ary hoy i Delila tamin' i Samsona, Indro, efa namitaka ahy ianao, ary nilaza lainga tamiko: ankehitriny lazao ahy, miangavy anao aho,* aiza ianao *no tokony ho fatorana.*
>
> *Ary hoy izy taminy, Raha* ianao *no mamatotra ahy amin'ny mahazaka vaovao izay tsy mbola nampiasaina, amin'izay fotoana izay dia ho tonga malemy aho, ka hitovy amin'ny lehilahy hafa.*
>
> *Noho izany dia naka mahazaka vaovao i Delila ary namatotra azy tamin'izany, ka nanao taminy hoe, Hamely anao ny Filistina, ry Samsona. Ary* nisy *mpamatotra niandry tao anatin'ny efitrano. Ary notapatapahiny avy teo amin'ny sandriny izany toy ny* kofehy.
>
> *Ary hoy i Delila tamin'i Samsona, Hatramin'izao dia namitaka ahy ianao, ary nilaza lainga tamiko: Lazao ahy* aiza ianao *no tokony ho fatorana. Ary hoy izy taminy, Raha randraninao. . .foto-bolo fito amin'ny lohako, miaraka amin'ny tenona.*
>
> *Ary dia nafatony* teo amin'*ny* fantaka *izany, ary hoy izy taminy, hamely anao* ny *Filistina, ry Samsona. Ary dia* nifoha *tamin'ny torimasony izy, ary dia nongotany ny* fantaka *sy ny* fatorana, *ary niaraka tamin'ilay tenona.*
>
> *Ary hoy izy taminy, Ahoana no ahafahanao milaza hoe, Tiako ianao, nefa* ao *amin'ny fonao tsy miaraka amiko? intelo ianao izao no efa namitaka ahy, ary ianao. . .nilaza tamiko izay* itoeran'*ny herinao lehibe; ary ianao tsy nilaza tamiko izay itoeran'ny herinao lehibe.*

Ary izao no niseho, rehefa avy *nanery azy isan'andro tamin'ny teniny izy, ka nanorisory azy, ka dia naniry ny ho faty ny fanahiny;*

Ary *dia nambarany azy ny tao am-pony rehetra, ary hoy izy taminy, Tsy mbola* nisy *hareza nandalo teo amin'ny lohako; fa izaho dia Nazirita ho an' Andriamanitra hatrany an-kibon'ny reniko: raha haratana aho, amin'izay fotoana izay dia hiala amiko ny heriko, ary dia ho tonga malemy aho, ary dia hitovy amin'ny lehilahy* hafa.

Ary rehefa hitany Delila fa nambarany azy ny tao am-pony rehetra, dia naniraka ary niantso . . . an'ireo andrian'ny Filistina, nanao hoe, Miakara amin'izao indray mandeha izao, fa efa nasehony *ahy ny tao am-pony rehetra.* Ary *ireo andrianan'ny* Filistina *niakatra tany aminy, ary* nitady *vola,* na *nitondra ny vola* ho eo *an-tànany.*

Ary izy nampatory azy teo ambonin'ny lohaliny; ary niantso lehilahy iray izy, ary niresaka taminy izy *mba hanaratra an'ireo foto-bolo fito tamin'ny lohany; ary . . .* nanomboka *nampietry azy, ary dia niala taminy ny heriny.*

Ary hoy izy hoe, Hamely anao ny Filistina, ry Samsona. Ary nifoha tamin'ny torimasony izy, ary nanao hoe, Hivoaka toy ny teo aloha aho, ary hanetsika ny tenako. Ary tsy fantany akory fa ny TOMPO efa *niala taminy.*

4 Ankehitriny dia iriako ny hamaky, mba ho lahatsoratra ho an'ity lohahevitra ity, izay hita ao amin'ny Bokin'ny Apokalypsy, ny toko faha-2, manomboka eo amin'ny andininy faha-21 sy ny faha-23.

Ary nomeko fotoana mba hibebahana amin'ny fijangajangany *izy; nefa tsy nibebaka izy.*

Indro, hatsipiko eo ambony fandriana iray izy, ary ireo izay mijangajangana miaraka aminy ho amin'ny fahoriambe, *raha tsy mibebaka amin'ireo asany izy ireo.*

Ary ho vonoiko amin'ny fahafatesana ny zanany; ary ny fiangonana rehetra dia hahafantatra fa izaho no mandinika ny voa sy ny fo: ary izaho no hanome ho anareo tsirairay avy izay araka ny asanareo.

Ny Tompo anie hanampy ny Fitahiany amin'ny famakiana ny Teniny.

5 Samsona, tena manahaka betsaka ny fiangonana, dia nanomboka tsara. Nanomboka tamin'ny làlana tsara izy. Nanomboka izy, ary dia nantsoina ho lehilahy mahery iray manan-daza. Nanomboka izy, nanompo ny Tompo, tamin'ny

fitandremana ny Teniny sy fankatoavana ny Didiny. Ary izany dia nitovitovy tamin'ny fiangonana. Nanomboka niainga izy, mba hilazantsika azy, araka ny fomba fitenin'izao tontolo izao, nanomboka tamin'ny tongotra tsara. Nanomboka nitandrina ny Didin'ny Tompo. Ary raha mbola nanaraka ny Tompo hatrany i Samsona, dia nampiasa an'i Samsona ny Tompo.

6 Fa, Andriamanitra dia afaka mitahiry na iza na iza ary mampiasa na iza na iza izay te-hanaraka Azy, satria dia raharahan'Andriamanitra izany. Nefa rehefa mihodina miamboho isika, manalavitra an'ireo zavatr'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay Andriamanitra dia tsy afaka ny hampiasa antsika intsony. Rehefa handeha tsy miovaova ao aorian'ny Didin'Andriamanitra isika, rehefa hijanona ao amin'ny pejin'ny Baiboly isika ary manompo amin'ny alàlan'ny Teny voasoratra, manompo Azy ao amin'ny Fanahy sy ao amin'ny Fahamarinan'ny Teny, amin'izay fotoana izay Andriamanitra dia afaka mampiasa ny isam-batan'olona tsirairay. Fa rehefa manan-kevitra ny hiodina amin'ny zavatra hafa izy ireo, dia tsy afaka ny hampiasa an'izany olona izany intsony Andriamanitra.

7 Noho izany, Samsona manao ny—ny tena fampisehoana malaza ny fiangonana ankehitriny. Raha vao nanomboka ny fiangonana, dia afaka nampiasa ny fiangonana Andriamanitra, satria ilay fiangonana dia nanaraka tamim-pitandremana tokoa ny Didin'ny Tompo, nitandrina ny Baikony sy ny Fitsipiny, ary nanao izay Didiny rehetra. Ary niaraka tamin'ny fiangonana Andriamanitra. Nefa dia toa misy toeran'ny fahalemena teo anivon'ilay fiangonana.

8 Tsarovy, tsy any amin'ny fitsangatsanganana anankiray isika, fa isika dia ao anaty sahan'ady anankiray. Olona maro no mihevitra fotsiny fa rehefa lasa Kristiana izy ireo dia izay ihany no ilain'izy ireo atao, hoe vita hatreo mandrakizay ny amin'izany, rehefa Kristiana izy ireo ary ny zavatra rehetra dia handeha mora. Aza atao ao an-dohanareo mihitsy izany. Fa, izaho dia lasa Kristiana anankiray mba hiady, miady ny ady tsaran'ny finoana. Lasa Kristiana anankiray aho, mba hiditra ao amin'ilay laharan'ady. Miaramila Kristiana isika, ary isika dia tsy maintsy hofanina sy tezaina, ary mahafantatra an'ireo paika rehetra an'ilay fahavalo, mahafantatra hoe ahoana no hampatanjaka, mahafantatra hoe ahoana no—no hiadiana an'ilay ady. Ary arak'izay hanehoan'ny Fanahy Masina an'ilay izy amintsika ihany no hahafahantsika manao an'izany. Tsy afaka ny handray izay lazain'ny firenena hafa amintsika isika rehefa mandeha any amin'ny ady isika, ireo hevitr'izy ireo. Fa izay hevitsika manokana no tsy maintsy raisintsika, ny fomban'ny Fanahy Masina no hitarika antsika, sy izay hevitra Homeny antsika, satria Izy no Lohan'ny Komandin'ny tafiky ny Kristiana.

9 Nanao ny tsara i Samsona, lehilahy malaza izy mandra-panombohany ho, nanomboka ho lasa (izany no hiantsoantsika azy) adala mpirenireny, mandra-panombohany nivoaka ny taniny manokana. Ary ny fiangonana dia nihazakazaka tsara, ary dia nety tsara mandra-panombohan'izy ireo nivoaka ny taniny. Nanomboka nisakaiza i Samsona. Ary tsy nisakaiza tamin'ny ankizivavy Isiraelita izy, nanomboka nisakaiza tamin'ny ankizivavy Filistina iray izy.

10 Ary izany dia zavatra mitovitovy amin'izay nataon'ny fiangonana. Tsy nanomboka nifankatia tamin'ny azy manokana izy, nanaraka an'ireo tsy mpino izy ary nanomboka nisakaiza tamin'ny tsy mpino. Teo amin'izany no nahavitantsika zavatra lehibe, ary ny anankiray tamin'ireo fahadisoana lehibe indrindra, dia rehefa nanomboka nanao zavatra izay tsy nahitsy ny fiangonana. Nanomboka nanana izy, tahaka an'i Samsona, namana ratsy.

11 Samsona, raha mbola niaraka tamin'ny vahoakan'ny Tompo izy, dia nanao tsara izy. Fa rehefa nisakaiza tamin'ny naman-dratsy izy, tamin'izay fotoana izay izy no tratry ny olana.

12 Ary izany koa ilay fomba tamin'ilay fiangonana. Raha mbola nanaraka am-panajana sy isan'andro ny fitarihan'ny Fanahy Masina ilay fiangonana, dia nitahy azy ireo Andriamanitra, ary fahagagana sy famantarana ary zava-mahagaga no nanaraka an'ilay fiangonana. Fa rehefa nanomboka nanana naman-dratsy izy, niaraka tamin'izao tontolo izao! Ny anankiray amin'ireo zava-dratsy indrindra nataony, sy ny zavatra voalohany nataony, dia nanomboka nifandamina izy, nanapaka ny firaisana teo anivon'ireo mpino hafa, satria hitan'izy ireo fa ireo firenena dia nifandamina. Fa ity Filazantsara lehibe ity dia tsy natokana ho an'ny firenena anankiray na vahoaka anankiray. Izy dia natokana ho an' "izay mety, aoka izy ho avy," ny firenena rehetra, foko rehetra, fiteny rehetra, ary vahoaka rehetra. Andriamanitra dia tsy nihevitra antsika mihitsy ny hanao tsipiky ny fetra.

13 Te-hitovy anefa ny olona, mampitaha izy ireo, na koa te-haka tahaka, mandeha tahaka ny—ny ataon' izao tontolo izao, miteny zavatra izay teneniny, mitady fahombiazana amin'ny fomba izay nahazoan'ireo fahombiazana. Tsy hahazo fahombiazana mihitsy isika amin'ny fanaovana ny zavatra izay ataon'izao tontolo izao. Amin'ny fanarahantsika ny fitsipik'Andriamanitra sy ny Làlany irery ihany amin'ny fanaovana zavatra no ahazoantsika fahombiazana. Tsy ho izany mihitsy isika, amin'ny fakàna modely an'izao tontolo izao. Raha nahazo ny fahombiazany lehibe indrindra ireo orinasa mpanao sigara tamin'ny alàlan'ny televiziona, ary ireo mpanao labiera sy whisky nahazo ny fahombiazany tamin'ny alàlan'ny fandraisan'anjaran'ny televiziona, dia tsy izany akory no famantarana fa ny fiangonana

dia hahazo ny fahombiazany amin'ny alàlan'ny televiziona. Ny fahombiazan'ny fiangonana dia mitoetra ao amin'ny fitoriana ny Filazantsara, ny Herin' Andriamanitra, ary ny fampisehoana ny Fanahy. Tsy afaka milaza isika fa ny televiziona dia nanao an' *itsy-sy-itsy* ho an' ny orinasa mpanao sigara sy ireo—sy ireo orinasa hafa! Tsy manana Soratra isika hiezahana mba hitovy amin'ireny olona ireny. Ary raha mbola manao an'izany foana isika, dia mety hahatarika olona maro an'isa betsaka isika, saingy tsy izany no nandidian'Andriamanitra antsika mba hatao. Mihevitra isika fa isika no loko rehetra, manidina avo, rafi-pandaminana lehibe, fototry ny zavatra mamirapiratra izay miseho, ka izany no fahombiazana. Maty am-pitsanganana isan'andro isika, raha resaka ara-panahy! Raha toa ka folo tapitrisa be isika izao maraina izao, nefa ny Fanahy Masina tsy miaraka amintsika, dia tsara amintsika ny ho folo mitsangana miaraka amin'ny Fanahy Masina miaraka amintsika. Tsy afaka ny mitaha amin'izao tontolo izao isika.

14 Ny anankiray amin'ireo zavatra voalohany, dia, nanomboka nifandamina ireo fiangonana. Ny rafi-pandaminana voalohany dia ny fiangonana Katolika, ary avy eo dia tonga ny fiangonana Loterana. Rehefa nifandamina tao amin'ny fiangonana Katolika izy ireo mba hanaovana azy ho rafi-pandaminana anankiray, indray andro dia nisy antsoantso anankiray, "Hamely anao ny Filistina, ry Samsona," dia notapatapahin'i Samsona ireo tady famatoran'ny fiangonana Katolika, ary nivoaka tao i Martin Luther niaraka tamin'ireo rafi-pandaminana.

15 Avy eo dia nofatoran'izy ireo tamin'ny tady hafa indray ny fiangonana, toy izay nataon'i Delila. Ary dia nanomboka izy ireo . . . raha tokony ho nanana lehilahy nantsoin'Andriamanitra, lehilahy izay nantsoin'ny Fanahy Masina; angamba tsy nahalala akory ny ABD-ny, [ABC's amin'ny teny Anglisy—Mpand.] saingy nahafantatra an'i Kristy izy ireo. Avy eo ilay fiangonana dia lasa nihaingo, ary nanaraka ny lamaodin'ireo mpikabary politika. Ary izy ireo dia tsy maintsy nanome an'ireo mpitoriteny "diplaoman'ny dokotera," ny tsirairay dia tsy maintsy ho Dokoteran'ny momba an'Andriamanitra. Tady anankiray hafa koa izany hamatorana ny fiangonana. Lasa mandeha ireo lehilahy ary dia mianatra, ny seminera tsirairay dia miezaka mamokatra manam-pahaizana tsara kokoa mba hahafahan'ny fiangonan'izy ireo hidoka tena, "Ny pasiteranay dia Dokoteran'ny momba an'Andriamanitra." Ary dia inona no nataon'izy ireo? Ny anankiray dia miezaka ny hanana fahalalana mihoatra ny anankiray hafa. Eny, tsy midika na inona na inona eo imason'Andriamanitra izany.

16 Ary tsy misy ilain'ny lehilahy iray ny hiezaka haka ny fahalalan'izao tontolo izao ka hampifaly an'Andriamanitra amin'izany. Fahavetavetana eo imason'Andriamanitra izany!

Tsy hampifaly an'Andriamanitra mihitsy ianareo miaraka amin'ireo faniriana sy fahalalan'izao tontolo izao, satria "fandrafiana an'Andriamanitra izany," hoy ny Soratra. Tsy azony atao izany.

17 Ary ny tsirairay dia miezaka hanana ny fahalalana rehetra. Fantatr'izy ireo mihitsy hoe inona no atao sy ireo teny ho lazaina, ary dia lasa kabary politika fotsiny raha tokony ho fanehoana amin-kery, ny Hafatry ny Fanahy Masina izay milentika any am-pon'ny olona sy mampiharihary ireo fahotany. Nofanina izy ireo ho amin'ny resaka politika, ary tsy mila izany isika. Hoy i Paoly hoe, "Ny Teny dia tonga aminay, tsy hoe fotsiny . . . na, ny Filazantsara, amin'ny Teny fotsiny ihany, fa amin'ny Hery sy ny fanehoan'ny Fanahy Masina." Izany no nitondra ny Filazantsara, nampiseho ireo herin'ny Fanahy Masina! Saingy ireo lehilahy rehetra ireo dia lasa any amin'ny seminera sy nianatra fanabeazana lehibe, hoe ahoana no tsy maintsy ijoroan'izy ireo eo anoloan'ny olona, ahoana no tsy maintsy hampahafantaran'izy ireo ny tenany, ahoana no tsy maintsy iakanjoan'izy ireo sy ahoana no tsy maintsy hihetsehany, tsy tokony hampiasa gramera diso mihitsy izy ireo. Ankehitriny, tsara izany ho an'ny kabary politika anankiray, saingy isika dia tsy manaraka ireo teny tsara lahatra an'olombelona. Hoy Paoly hoe, "Ny Filazantsara izay toriko dia tsy mba tonga tahaka izany, fa Izy io dia tonga tamin'ny alàlan'ny fanavaozan'ny—ny Fanahy Masina sy ny Herin'ny fanehoana." Tsy tonga avy amin'ny kabary namboarina akory izany, mba hahatonga ny fahendrenareo, na ny fahatokianareo ho ao amin'ny fahendren'olombelona. Fa izany dia avy tamin'ny fanehoana ny Herin' i Kristy nitsangana. Izany no Filazantsara, "Mahafantatra Azy ao amin'ny Herin'ny Fitsanganany tamin'ny maty."

18 Ny tsirairay dia mihevitra fa izy dia manan-tsaina kely kokoa noho ilay lehilahy hafa, ny anaram-piangonana tsirairay. Ireo Metodista dia hanao hoe, "Izahay no manana ny lehilahy manan-tsaina indrindra." Ny Batista dia hilaza, sy ny fiangonan'i Kristy, sy ny sisa, ary izy rehetra hoe, "Izahay, izahay no manan-tsaina indrindra. Izahay, ny—ny olonay, izahay tsy mamela lehilahy tsotra handeha sy hitory ny Filazantsara." Fa dia tsimponiny izy ireny. (O Andriamanitra, mamindrà fo!) Tsimponiny izy ireny; raha voafahana tamin'ny ireo foto-pampianarany izy ireo, amin'izay vao apetrany ao amin'ny fiangonana izy ireo. Tsy afaka mikasika azy intsony Andriamanitra. Tiako ny olona iray izay notsimponin'ny Fanahy Masina no mitory amiko, izay natsangan'Andriamanitra, fa tsy notsimponin'olombelona na anaram-piangonana.

19 Ny fahalalana rehetra! Hoy ireo hoe, "Oh, fantatray daholo ny momba an'Io," nefa ny sasany amin'izy ireo dia tsy mahafantatra akory ny alfabeta voalohan'ny Fanahy Masina. Lavin'izy ireo Izany.

20 Izany dia mampahatsiahy ahy ny boky kely izay novakiako tany California indray andro, teo amin'ny folo taona lasa izay. Tao amin'ny fivarotam-boky tranainy iray no nitsimponako azy. Adinoko hoe iza ilay mpanoratra. Boky kely folo cent fotsiny, nefa dia nisy hevitra tsara tao aminy na dia toa nahatsikaiky sy fetsifetsy aza ilay izy. Fa, nahita zavatra aho tao anatiny izay toa avy amin'Andriamanitra, ho ahy. Ary ny anankiray amin'ireo tantara kely dia nanomboka tahaka an'izao. Indray maraina tao anatin'ny rovan'akoho lehibe iray, dia nisy akoholahy kely iray izay nihevitra fa izy dia manana ny fahalalana rehetra izay tokony ho fantatra. Noho izany dia nanidina sy nipetraka teo ambonin'ny kesika iray izy ary nakapokapony teo amin'ilay kesika ny vava keliny, in'efatra na in-dimy, nahatony nankany aoriana ny loha keliny ary dia naneno izy fa tsy mbola nandre akoholahy naneno tahaka an'izany mihitsy ianareo. Ary ireo sasany, nisintona ny fifantohan'ireo izy, ary hoy izy hoe, "Tompokovavy sy tompokolahy ato amin'ity rovan'akoho ity, tiako ny hiresaka aminareo rehetra amin'ity maraina ity mikasika ny fandaharam-panabeazana lehibe iray izay vao avy novolavolainay." Hoy izy, "Nahazo fahalalana be dia be avy tamin'ny ny fianarako aho," raha nisintona ny solomaso keliny teo ambony vavany izy. Ary hoy izy hoe, "Nanapa-kevitra aho fa isika akoho dia afaka ny hanatsara ny tenantsika amin'ny alàlan'ny fahalalana misimisy kokoa. Noho izany, dia afaka milaza aminareo aho fa, raha toa isika ka hangady sy hiasa ao anatin'ny rova iray na lavaka, dia hahita vitamina iray isika izay hahatonga antsika haneno tsaratsara kokoa, volo kanto kokoa. Ary, oh, afaka ny milaza aminareo aho hoe ahoana no ahafahantsika hanatsarana kokoa ny tenantsika amin'ny fomba maro samy hafa."

21 Ary ireo akohovavy kely miaraka amin'ireo sangakeliny menamena, dia nipentsopentsona sy nanao hoe, "Moa tsy mahafatifaty ve izy?" Ary dia tena nankasitraka azy tokoa izy ireo. "Oh, tena akoholahy marani-tsaina izy!" Mampahatsiaro ahy an'ireo mpitoritenin'ny seminera sasany eto izany. "Tena lehilahy marani-tsaina! Tsy misy antony tokony hijanonantsika miaraka amin'ireo akoho sisa, tsy maintsy hanaraka azy isika rehetra."

22 Eny, nialoha ny namaranan'ilay sakaiza kely ny kabariny, dia nisy akoho kely iray hafa izay tsy nanana volo mamiratra loatra, tonga nihazakazaka avy tao amin'ireo tranon'akoho sisa, ary nanao hoe, "Ry tovolahy, iray minitra fotsiny! Vao avy nandre ny vaovao farany tao amin'ny radio aho. Niakatra efatra cents ny livatra iray amin'ny akoho, isika rehetra dia ho any amin'ny famonoana biby avokoa rahampitso! Inona no soa hataon'izay fahalalanareo?"

23 Ry rahalahy, ny fahalalana rehetra izay azontsika angonina, inona no soa hataon'izany? Fotaka enina faladia

isika! Eo an-dàlam-pahafatesana isaky ny tondro sy isaky ny minitra isika. Tsy misy dikany ny fahalalantsika. Tiantsika ny hahafantatra Azy. Saingy izany no ataon'izy ireo.

24 Nahatsikaritra aho indray andro izay mikasika ny ganagana kely anankiray, ary nihevitra izy fa nahafantatra ny fahalalana rehetra izay—izay ilaina ho fantatra, ary nahafantatra betsaka izy hany ka afaka nilaza tamin'ireo ganagana sisa rehetra mikasika ny olombelona izy. Noho izany dia manidina eo ambonin'ny tranony izy ary manomboka miresaka mikasika ny olombelona izy, hoe ahoana no nahafantarany ny momba azy ireo rehetra. Ary, tampoka teo, nisy profesora anankiray avy tany Purdue nandroso ary nanomboka niteny karazana teny tsara rafitra taminy, ary ilay sakaiza kely dia nanakipikipy ny masony sy nanodina ny lohany ary . . . Ankehitriny, nanana maso izy, afaka nahita an'ilay profesora izy. Nanana sofina izy, afaka nandre azy izy. Saingy, mazava ho azy, tsy fantany akory izay zavatra noresahiny. Nahoana? Atidohan-ganagana no ananany. Atidoham-borona fotsiny no azony. Izay ihany no ananany. Tsy manana atidohan'olombelona izy, noho izany dia tsy afaka misaina tahaka ny olombelona izy.

25 Ary ny olombelona dia tsy afaka ny hisaina tahaka an'Andriamanitra! Olombelona ianareo, ary ny fahalalana rehetra an'izao tontolo izao dia tsy mihoatra noho ny atidohan-ganagana anankiray. Izay rehetra ataonareo, dia handratra fotsiny ny tenanareo amin'izany. Tsy maintsy manana ny sain'i Kristy ianareo.

26 Ny antony andehanan'ny olona sy hikambanany amin'ny rafi-pandaminana, ary soloiny ho fifandraisan-tànana raha tokony ho ny fahateraham-baovao, dia noho izy ireo miezaka ny miala amin'ilay fahateraham-baovao. Tsy mila ny fahateraham-baovao izy ireo. Ary izy ireo—izy ireo dia mahafantatra fa isika dia mampianatra an'izany ao anaty Baiboly, noho izany dia tian'izy ireo soloina zavatra hafa izany. Ary ny olona Pentekotista dia diso mihitsy, miezaka manolo zavatra hafa! Tian'izy ireo mba hihaja ilay izy. Tsy maintsy tena mihaja ilay izy, "Hifandray tànana isika ary hikambana amin'ny fiangonana, ary ho fafazana rano na atao batisa," na zavatra hafa. Matahotra ny fahateraham-baovao izy ireo. Indraindray aho dia mino fa ny Branham Tabernacle dia lasa matahotra an'izany!

27 Ankehitriny, isika rehetra dia mahafantatra fa ny fahaterahana anankiray, tsy ahoako izay misy an'ilay izy, na aiza, n'aiza n'aiza, dia loto anankiray izany. Raha misy zaza teraka eo ambonin'ny antonta-mololo, eo ambonin'ny gorodona mafy, na ao an'efitranon'ny hopitaly voaravaka pinka, dia loto anankiray izany, na izany aza. Ny fahaterahan'ny zanak'omby, ny fahaterahan'ny zavatra hafa, dia loto anankiray.

28 Ary ny fahateraham-baovao dia tsy inona fa loto anankiray! Saingy madity loatra ny olona, "Ho any amin'izay mifandray tànana izahay. Ho any amin'ireo izay tsy miantsoantso sy mikiakiaka izahay, sy mikapoka ny alitara ary miantsoantso mafy." Tena te-ho olombelona loatra tokoa ianareo! Ny ilaintsika dia fahaterahana, fahafatesana, izay mitondra Fiainana!

29 Ny voa iray, ny ovy antitra iray, voan'ovy, raisonareo ilay ovy ary apetraho ao anaty tany izany. Mandra-pahazoanareo ovy vaovao, io ovy antitra io dia tsy maintsy ho lo. Ny katsaka iray dia tsy afaka hanome fiainana vaovao raha tsy lo izy.

30 Ary ny lehilahy iray na vehivavy dia tsy afaka ny hanana fahateraham-baovao raha tsy ireo fahaizany sy ireo maha-izy azy manokana no lo, maty, aoka ho faty eo amin'ny alitara, ary miantsoantsoa, aoka ho tonga loto, ho eo amin'ny toerana iray izay hivoahan'ny dity avy ao amin'ny tendanao, ka nateraka indray ianareo tamin'ny alàlan'ny Fanahin'Andriamanitra. Tsy ahoako na mikiakiaka mafy ianareo, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, mitsambikina ambony ambany, miatontatonta tahaka ny akoho anankiray notapahina ny lohany, eo am-pitondrana Fiainana vaovao ianareo! Saingy nosolointsika zavatra izany, mitady ny fomba mihaja isika, azo antoka.

31 Indray andro, Zoma, ny vadiko sy izaho dia nandeha tany amin'ny magazay. Tsy te-hiverimberina foana amin'izao aho. Fa rehefa nandeha teny amin'ny làlana izahay, dia nahodiko fotsiny ny lohako avy eo amin'ny làlana anankiray nanketsy amin'ny hafa, vehivavy mitanjaka. Nampanantena an'Andriamanitra aho fony aho lehilahy jamba anankiray, fa raha hanasitrana ny masoko Izy dia hijery ny zavatra izay tsara foana aho. Mitahiry hazo fijaliana kely iray aho mihantona ao anatin'ny fiarako. Rehefa mahita zavatra toy izany aho, dia mijery an'ilay hazo fijaliana aho sady miteny hoe, "O Andriamanitra, Ity no Fialofako," sady nijery an'ilay hazo fijaliana aho.

32 Hitako ireo vehivavy ireo. Hoy i Meda hoe, "Tsy nahita vehivavy anankiray isika androany izay mba nanao zipo." Ary hoy izy hoe, "Bill, jereo itsy vehivavy itsy miaraka amin'ireo tady kely manodidina ny tapany ambonin'ny vatany," ary hoy izy, "tianao ho tenenina amiko ve fa io vehivavy io dia tsy mahafantatra akory fa ratsy izao?" Hoy aho, "Raha tsy fantany fa ratsy izany, amin'izay fotoana izay dia efa tsy ao aminy intsony ny sainy."

33 Hoy aho hoe, "Iray minitra fotsiny, ry malala. Amerikana anankiray izy, manao izay ataon'ireo Amerikana izy." Hoy aho hoe, "Tany Finlande aho vao tsy ela akory izay, ry mamin'ny foko."

34 Ary nanontany lehilahy anankiray aho tany izay namerina ahy indray tamin'ny toerako, Dokotera Manninen. Ary izahay dia nandeha tany amin'ireo—ireo fandroana ho an'ny fahasalamana, izay antsoina hoe sauna, ampidirin'izy ireo ao ianareo ary androtsahany rano mafana, na rano eo ambonin'ny vato mafana, ary dia manatsemboka anareo fotsiny izany. Avy eo dia asainy mitsambikina ao anaty rano mangatsiaka be ianareo, ary avy eo dia mivoaka avy ao. Avy eo dia entiny ao anatin'ny efitrano anankiray ianareo, ary misy mpampivelona ao, vehivavy izay manotra ny lehilahy (ary mitanjaka izy ireo), ary alefany miverina any anatin'ilay dobo indray izy ireo. Tsy nety niditra aho. Ary hoy aho hoe, "Dokotera Manninen, ratsy izao."

35 Hoy izy hoe, "Eny àry, Revera Branham, ratsy izao. Koa ahoana àry ny amin'ireo dokoteranareo Amerikana izay hanala ny fitafian'ny vehivavy anankiray hitanjaka sy mampandry azy eo ambonin'ny latabatra, mandinika ny taova—taovam-pananahany tsirairay izay ananany? Ahoana ny amin'ireo mpampivelona any amin'ireo hopitaly?"

36 Hoy aho hoe, "Miala tsiny aho, Rahalahy Manninen, Manninen, marina ny anao."

37 Inona izany? Fomba fanao izany. Raha tany Parisy aho dia sarotra tamiko ny nino an'ilay izy, fa ilay toerana fivalanan-drano ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy dia anankiray iraisana. Tsy nety azoko ilay izy, fa ilay efitrano fivoahana dia teo amoron-dàlana ho an'ny lahy sy vavy miaraka. Tsy azoko ninoana fa rehefa nankeny amoron-dranomasina mba hilomano ireo vehivavy, tovolahy anankiray sy ny malalan'ny fony, tsy nanana trano fisoloana akanjo izy ireo, esorin'izy ireo fotsiny ny akanjony rehetra hatrany amin'ny lamba farany, avy eo dia ahodin'izy ireo ny lamosiny ary mametaka tapa-damba kely ary dia lasa milomano, saingy izay ilay izy. Tsy mahataitra azy ireo izany. Fomba any Frantsa ilay izy.

38 Any Afrika, ny vehivavy sy lehilahy, tanora sy antitra, tsy mitafy mihitsy, mandeha eny anaty bozaka. Tsy mahafantatra mihitsy hoe inona izany trano fivoahana izany, na zavatra hafa, na nandeha niafina mihitsy tsy ho hitan'ny hafa. Fa tsy mahafantatra ny fahasamihafana ry zareo. Tsy fantany ilay fahasamihafana. Fa fomba fanaon'ny firenena ilay izy.

39 Fa hoy aho hoe, "Ry malala, hafa isika, isika dia avy amin'ny Firenena iray hafa. Mpivahiny sy vahiny isika ety, izany no mahatonga ireo zavatra ireo ho tena ratsy. Fa hoy ny Baiboly hoe, 'Fa izay milaza izany zavatra izany, manambara, dia maneho fa mpivahiny sy vahiny izy ireo, eo am-pitadiavana tanàna iray izay ho avy izy ireo.'"

40 Ny lehilahy iray na vehivavy iray any Italia, any Frantsa, any Afrika, any amin'ny firenena hafa any, izay vao nateraka

indray avy amin'ny Fanahy Masina, dia tsy manao an'ireny zavatra an'ireny. Tsy mitafy ireny akanjo ireny izy ireo. Tsy hanao zavatra toy izany izy ireo, satria izy ireo dia avy amin'ny Firenena iray hafa Izay ny Mpifehy sy Mpanorina azy dia Andriamanitra. Avy any An-danitra isika. Ny fanahy izay ao anatinareo, no manamarina ny fiainanareo. Raha Amerikana ianareo, dia hanao izay ataon'ny Amerikana ianareo. Raha Frantsay ianareo, dia hanao izay ataon'ny Frantsay ianareo, ary hitsikera an'ilay anankiray hafa. Fa raha avy amin' Andriamanitra ianareo, dia hanao ny fomba izay ataon'izy ireo any An-danitra, satria ny Fanahinareo dia avy any Ambony ary Izany no mifehy anareo.

41 Zavatra kely iray izay azonareo jerena. Ao amin'ny Soratra, ireo izay nitady an'io Tanàna vaovao io, dia manao zavatra hafa mihitsy. Manambara izy ireo fa mpivahiny sy vahiny izy ireo. Fa tany amin'ilay an'i Kaina kosa, dia mpandositra sy jiolahy izy ireo. Fa ny Kristiana kosa dia mpivahiny sy vahiny. Ny mpandositra dia tsy manana trano, ny jiolahy dia olona iray mahatahotra. Fa ny mpivahiny iray dia zavatra tena misy, sy avy any amin'ny tany iray tena misy ao amin'ny Firenena hafa iray, miezaka mitady ny làlany mankany an-Trano, manambara amin'ny alàlan'ny fiainany hoe izy dia manana zavatra fa izy dia avy any amin'ny Firenena hafa iray. Izay ilay antony.

42 Kanefa kosa ireo olona izay manao toy izany, ireo olona izay mitafy an'ireny zavatra ireny, avelao aho hiteny aminareo. Tany Afrika Atsimo, rehefa nahita mpanompo sampy hiringiriny telo alina aho, nitanjaka, mponina an'ala. Enina ambin'ny folo-, valo ambin'ny folo-, zazavavy roapolo taona, tovolahy tsy nisy na tapak'akanjo iray aza, nijoro teo miaraka amin'ny tavany feno fotaka, sy voaloko, ny taolana misitrika eo amin'ny orony, sy tapa-kazo mikiraviravy amin'ny sofiny, sy taolan'olona mifanipaka na taolana hafa ao amin'ny volony, nifim-biby mihantona eo amin'izy ireo, nitanjaka tahaka ny nahatongavan'izy ireo teto amin'izao tontolo izao, nefa tsy fantany izany. Saingy rehefa nandray an'i Kristy izy ireo, ary lavo niankohoka sy nandray ny Fanahy Masina, dia niarina izy ireo ary nakombony ny tànany ho eo an-tratrany mba hanafenany ny henatra, dia lasa izy ireo ary nitady akanjo hotafiana. Nahoana? Lasa mpivahiny sy vahiny eto amin'ity izao tontolo izao ity izy ireo. Haleloia! Nanalavitra Azy izy ireo tamin'izany. Eny, tompoko.

43 Oh, eny, ireo olona ireo dia miantso ny tenany ho Kristiana. An'ny fiangonana izy ireo. Lasa izy ireo ary manao hoe, "Metodista izahay. Batista izahay. Pentekotista izahay. Advantistan'ny andro Fahafito izahay. Izahay dia *ity*, *itsy*, sy ny *hafa*." Tsy misy zavatra idiran'izany. Ny fanahinareo, ilay fiainana izay ao anatinareo, no manamarina sy milaza hoe inona ianareo. Hoy Jesosy hoe, "Ny voany no hahafantaranareo azy."

44 Ny fiangonana dia lasa tahaka an'Isiraely, tany am-boalohany. Hitan'izy ireo ny firenena mpanompo sampy rehetra fa nanana mpanjaka. Andriamanitra no Mpanjakan'izy ireo. Ary hitan'izy ireo ny firenena mpanompo sampy fa nanana mpanjaka, koa dia mba te-hanao toy izay ataon'ny firenena mpanompo sampy izy ireo, ary dia nividy mpanjaka iray ho an'ny tenany izy ireo. Ary rehefa nanao an'izany izy ireo, dia tratry ny olana izy ireo. Tsikelikely no nanombohan'izany niditra. Tsikelikely no nisisihan'izao tontolo izao tao amin'izy ireo. Farany dia niafara tamin'i Ahaba izany. Mpanjaka iray izay tonga nanakaiky kokoa fotsiny an'ilay izy, nanakaiky kokoa an'ilay izy, ary farany dia namoaka ny aina tao amin'izy ireo. Ary nandeha teo izy ireo. Ary rehefa tonga ilay tena Mpanjaka, dia tsy nahafantatra Azy izy ireo.

45 Zavatra mitovy amin'izany no nataon'ny fiangonana. Zavatra nampiana izany. Eo ianareo izao. Nampiana politika izany, fanabeazana. Nampiana rafi-pandaminana izany, fikambanana, fiangonana lehibe, mpitoriteny mirentirenty. Ary rehefa tonga ilay tena Mpanjaka, tsy mahafantatra Azy izy ireo, ary nohomboan'izy ireo ilay tena Fanahy Masina izay Mpanjakan'izy ireo. Tsy mahafantatra Azy izy ireo, fa nihomehy Azy izy ireo ary naneso Azy. Tahaka izay nataon'ny Jiosy tamin'ny Mesiany, dia mitovy amin'izany koa no hanaovan'ny fiangonana ny Mesiany. Tsy fantatr'izy ireo izany. Tsy manana an'ilay fahaiza-mamantatra ara-panahy izy ireo, satria dia efa voafahana loatra izy ireo eo amin'ny masony sy izay hitany, trano goavana, miezaka ny mitaha amin'izao tontolo izao. Isika dia tsy namporisika—namporisihina mihitsy ny hitaha amin'izao tontolo izao. Isika dia namporisihina mba hanetry ny tenantsika.

46 Ary, olona anankiray dia efa maro an'isa, amin'Andriamanitra. Ary ankehitriny amin'ireo evanjelista manao fanasitranana eny amin'ny saham-pitoriana, dia tena misy fifaninanana, mpifaninana. Hoy ny iray hoe, "Eny, isaorana Andriamanitra, nahazo olona an'arivony maro aho. Nanana fivoriana goavana nohon'ny anao aho." Inona ny fahasamihafana ataon'izany? Anankiray na iray tapitrisa no azontsika, inona no fahasamihafana ataon'izany? Marina amin'Andriamanitra ve isika? Marina amin'ny Teniny ve isika? Mahatanty ny fizahan-toetra avy amin'ny Fanahy Masina ve isika? Marina ve izany? Izay no tena zava-dehibe.

47 Fa isika dia manao marimaritra iraisana eo amin'ny Baiboly. Maro amin'ireo olon-tsika Pentekotista ireo, eo amin'ny Foto-pampianarana fototra an'ity Baiboly ity, no manao marimaritra iraisana. Misy. . .Tsy te-handratra ny fihetseham-ponareo aho. Ato amin'ny fiangonako manokana aho, ary mahatsapa aho fa izaho—izaho dia afaka hanao izany mihitsy, ato amin'ny fiangonako, satria dia mitory ny Filazantsara aho. Saingy misy mpitoriteny Pentekotista

an'aliny maro no mahafantatra fa tsy misy zavatra tahak'izany ao amin'ny Baiboly toy ny hoe ny batisa amin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina." Mihaika ny arseveka aho, na iza na iza, mba hampiseho amiko hoe taiza no mba nisy olona iray natao batisa tamin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina." Fa manao marimaritra iraisana izy ireo, satria manao toy izany ireo rafi-pandaminana. Tsy misy olona na dia iray aza ao amin'ny Testamenta Vaovao, sy nandritry ny telonjato taona manaraka, araka ny tantara, natao batisa afa-tsy tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Inona ilay izy? Rafi-pandaminana. Izany no nanao an'io. Manao marimaritra iraisana!

48 Ary ankehitriny dia nesorin'izy ireo teny amin'ireo làlana ireo mpiasa an-dàlana rehetra. Nesorin'izy ireo tao amin'ny fiangonana ny amponga. Nesorin'izy ireo tao amin'ny fiangonana ny voninahitra rehetra, ary dia nalainy ny toritenin'ny seminera, ny toritenin'ny akoholahy voahogo kely tranainy iray, voadio avokoa eo amin'ny fiaraha-monina, ary ny vehivavin'izy ireo manao sorta sy akanjo izay mampifinjifinjy azy ireo, ary ireo lehilahy dia mifoka sigara, miloka sy manao kivazivazy maloto. Fahafaham-baraka eo imason'Andriamanitra izany! Fantatro fa masiaka izany, nefa dia izao no fotoana iresahan'ny olona zavatra iray. Manao marimaritra iraisana, manaiky an'izany, mihetsika tahaka an'izao tontolo izao!

49 Tsy ahoako raha hijanona ho irery aho, tsy misy olona miaraka afa-tsy Andriamanitra irery, fa hitory ny Fahamarinan'ny Baibolin'Andriamanitra aho ary hijoro amin'Izany. Raha maty aho, dia mbola hijoro amin'ny Fahamarinana foana aho. Izany tokoa. Fahamarinana no ilaintsika. Tsy mandrefy ahy araka ny fiangonana aho, fa araka ny Tenin'Andriamanitra no tiako handrefesana ahy.

50 Fa i Delila, mba voamarikareo ve, fantany fa i Samsona dia nanana hery anankiray. Ary tsy fantany hoe aiza no itoeran'io hery io. Tsy afaka nilaza izy hoe inona ilay hery, fa nisy hery lehibe anankiray izay nananan'i Samsona, ary tiany ho hita izany. Ary, tahaka an'i Delila, nambabo an'i Samsona foana izy tamin'ny hatsaran-tarehiny. Oh, nampitafy ny tenany ho tena manaitra filàna izy. Ary nandeha teo alohany izy sady somary nihomehy kely tahaka an'ireo adolantsento kely amin'izao fotoana ireo, sy—sy ny sisa, ary te-hanao fotsiny tahaka ny zavatra hafa, mpampiseho-vatana iray, niezaka ny nambabo an'i Samsona ho azy.

51 Mitovy amin'izany ny zavatra nataon'izao tontolo izao tamin'ny fiangonana. Ankehitriny aiza ny Herinao lehibe?

52 "Eny, raha hifandamina isika, dia izany no hanapotika an'ilay Hery." Nanao izany ny fiangonana Katolika.

53 "Nefa hamely anao ny Filistina, ry Samsona." Ary nivoaka ny Luther anankiray.

54 Avy eo dia nifandamina indray izy ireo. "Raha hafatotrareo amin'ny tady hafa aho, dia hahatazona ahy izany." Dia nataon'izy ireo izany.

55 "Ary hamely anao ny Filistina, ry Samsona." Inona no nitranga? Nivoaka i Wesley ary nanapaka an'ireo tady.

56 "Ankehitriny dia namitaka ahy ianao hatramin'izao. Tsy fantatrao ve fa tia anao aho, ry Samsona? Eny àry, lazao ahy ny marina ao am-ponao."

"Eny àry, fatory amin'ny tady hafa aho."

57 "Eny àry, ankehitriny dia hataontsika izany." Inona izany? Izany ilay tadin'ny anaram-piangonana.

58 "Avelaonareo aho ho afaka, mba tsy hanana anaram-piangonana aho. Koa, milaza aminareo aho, hanapotika ahy ianareo." Dia nivoaka ireo Pentekotista. Aiza ny Herinareo?

"Hamely anao ny Filistina." Ary notapahiny indray ireo tady.

59 Fa ankehitriny inona no nitranga? Nahazo an'ireo Pentekotista ilay izy, Dokotera lehiben'ny momba an'Andriamanitra ny pasiteran'izy ireo, lehilahy malaza anankiray. Nanana sekoly maro sy fombafombam-pivavahana izy ireo toy ny Metodista na Batista, na izay nananan'ireo sisa tamin'izy ireo. Midira ao amin'ny fiangonana iray fa ianareo dia tsy hahare "amena," mangatsiaka fotsiny toy ny andiana Eskimos anankiray mihitsy izay avy any amin'ny Tendron-tany Avaratra. Mangatsiaka! Tsy miraika! "Ary ankehitriny dia hamely anao ny Filistina, ry Samsona."

60 Hamely anao ny Filistina, ry Amerika. Aiza ilay maha-tokana ny fanahy? Aiza ilay maha-tokana ny Pentekosta? Ny Assemblée de Dieu, sy ny Mitambatra, sy ny fiangonan'Andriamanitra, sy *ity*, *itsy*, ny *hafa*, ny tsirairay miaraka amin'ny isma samihafa, ity dia miaraka amin' *itsy*, ary ity iray ity miaraka amin' *itsy*. Potipotika loatra isika hany ka raha toa ianareo ka afaka miditra ao amin'ny tanàna iray mba hanao fifohazana anankiray, raha fiangonana anankiray no manohana an'izany, ny sisa amin'izy ireo dia tsy hanatrika akory aza. Hamely anao ny Kaominista, ry Amerika.

61 Aiza ny Herintsika? Aiza ny voninahitsika? Inona ilay izy? Satria isika nanaraka ny fahendren'olombelona raha tokony ho ny Herin'Andriamanitra! Nahoana, azon'izy ireo ny mpitoritenintsika ary ireo zavatra dia lasa henjana loatra sy nadity, hany ka nalamin'izy ireo isika mandra-pahatongantsika tena hadity sy mafy hatoka, hany ny olona ka. . .Mba mandre kiakiaka intsony ve ianareo ao

am-piangonana? Tsy mandre olona mitomany intsony ianareo. Ny dabilion'ireo mpibebaka dia efa natao any ambany rihana. Tsy misy voninahitra intsony ao am-piangonana. Ny ataontsika rehetra dia ny mipetraka eny aoriana mihenjana fotsiny araka izay azontsika atao. Tsy afaka isika. Voafatotra isika. Ny devoly, miaraka amin'ireo demonin'ny fomba moderiny, no namatotra an'ilay fiangonan'Andriamanitra velona. Marina izany. Tsy misy Hery intsony ao amin'ilay fiangonana. Tsy misy fahalalahana intsony. Madity loatra sy henjana ny olona! Nahoana, afaka tonga teo afovoan'ireo olona Pentekotista ilay Andriamanitra, ary nampiseho fa Izy no Andriamanitra, ary nanaporofo an'ireo Famantarany ny amin'ny Fitsanganany tamin'ny maty, tsy nampihontsona azy ireo akory izany. Voninahitra! Nahoana, fahafaham-baraka izany! Mamakivaky ny firenena aho, miasa Andriamanitra, manatanteraka an'ireo famantarana, ary mipetraka ny olona, ary, "Eny, ataoko fa tsara daholo izany. Oh, fantatro fa azo atao izany." Tsy mampihetsika azy ireo izany! Nahoana? Voafatotr'i Delila izy ireo, izao tontolo izao. Ao anaty rojo izy ireo.

62 Ankehitriny dia azony ao mihitsy aza izy ireo, fatorany ao anatin'ny fikambanam-be iray izy ireo. "Hamely anao ny Filistina, ry Samsona." Inona no hataonareo mikasika an'izany?

63 "Oh, manana an'ireo anaram-piangonana lehibe izahay." Azo antoka. "Izahay no manana mpikambana lehibe indrindra izay mbola tsy nananantsika." Saingy aiza ilay Fanahy? Aiza ilay Fanahy Masina?

64 Izany no nataon'ny devoly. Nambabo tao amin'ny fiangonana. Nitohy namabo ny fiangonana izy, "Avia aty amiko, homeko tabernakla anankiray lehibe eto ianareo raha hanao an'*ity* fotsiny ianareo. Raha hialanareo io mpitoriteny fanatika izay anananareo io, ary mandray lehilahy iray, Dokoteran'ny momba an'Andriamanitra izay manan-tsaina, dia hanorina fiangonana mihaja tsara tarehy isika ary dia ho tahaka ny amin'ny sisa amin'izy ireo isika." Aoka ho menatra ianareo! Aleoko lavitra manana lehilahy anankiray izay tsy nahay nanavaka ny kafe amin'ny tsaramaso, nefa feno ny Fanahy Masina, izay tsy nanao marimaritra iraisana, amin'ny alàlan'ny Herin'Andriamanitra.

65 Saingy izany dia lasa, oh, nadity loatra, hany ka raha masina mahantra anankiray no afaka mitsofoka ao amin'ilay fivoriana ka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, na mba mikiakiaka kely, na manao zavatra anankiray, fa ny sisa amin'izy rehetra dia ho gisalahy eo daholo ary hijery. "Inona izany? Eny, manontany tena aho hoe nahoana? Tsy maintsy ho fanatika anankiray indray izany izay tafatsofoka tany ho

any." Fantatrareo fa izany no fahamarinana! Raha masina anankiray no miditra, ary lasa tena faly ka manangana ny tànany, ary mitomany sy midera ny Tompo, olona iray izay hiantsoantso "amena" amin'ny fitoriana ny Filazantsara, fa ny sisa amin'izy ireo dia mitodika sy mijery an'izay lazainy. Izany ireo Pentekotista. Inona ny olana? Naka modely tamin'ny Metodista ianareo, tamin'ny Batista; naka modely tamin'ny Katolika izy ireo; ny Katolika naka modely tamin'ny helo. Ary, izy rehetra miaraka, avy tamin'ny helo daholo izany! Marina.

66 Delila no nambabo anareo ho ao amin'ireo fiangonana lehibe, tsara tarehy, mpitoriteny nianatra, naka ny tsara saranga. "Eny, fantatrareo, *Ranona-sy-ranona* izay eto dia mpanapitrisa anankiray, raha mba afaka ny hahazo azy ho tonga ao amin'ny fiangonantsika mantsy isika! Oh, oadray!" Raha tsy nateraka indray izy, dia tsy mendrika ny ho eto akory izy amin'izay fotoana izay. Tsy ahoako na manana iray tapitrisa dolara izy. Raha tompon'ny Cadillacs efapolo izy, na inona na inona ananany, dia tsy maintsy ateraka indray izy, midina avy hatrany ho amin'ny fahateraham-baovao sy havaozin'ny Fanahy Masina, ary mivoaka avy ao amin'ny fahateraham-baovao, feno lelo (miala tsiny aho), mitomany sy miantsoantso, sy mitondra tena toy izay ataon'ny sisa amin'izy ireo, ary miaina fiainana anankiray avy eo izay manambara fa manana Azy izy. Amena. Izany no ilainareo.

67 "Samsona, hamely anao ny Filistina." Hamely anao ny Kaominista. Hamely anao izao tontolo izao. Hamely anao ny devoly.

68 Miverina izy ireo ary mahita ny Fanahin'Andriamanitra manao fahagagana izy ireo sy manao an'ireo zavatry ny Fitsanganany tamin'ny maty, izay nampanantenan'i Jesosy, dia hoy izy ireo hoe, "Fantatrareo, izaho dia mihevitra fa Rahalahy Branham dia manana fahaiza-mamantatra ara-tsaina betsaka. Ny pasiterako dia nilaza fa avy amin'ny devoly izany."

69 Ianareo mahantra ireo, mpihatsaravelatsihy, mpamitaka tsy mahatoky, mihaingitraingitra daholo, ianareo amboadia ao anatin'ny akanjon'ondry! Hoy Jesosy hoe, "Raha nahafantatra Ahy ianareo, dia ho nahafantatra ny Androko ianareo." Saingy nanana andiana Saoly anankiray ianareo izay miezaka ny hanao anareo ho tahaka ny sisa amin'izao tontolo izao.

70 Isika dia mila andiana lehilahin'Andriamanitra izay tsy manao marimaritra iraisana amin'ny Teny, fa mitory ny Fahamarinana sy mijoro amin'ny batisan'ny Fanahy Masina.

71 Fa inona no nataon'izao tontolo izao? Naratany ny Herinareo rehetra. Teraka Nazirita ianareo, ry Pentekosta, saingy izao tontolo izao tokoa no nanaratra ny Herinareo. Ankehitriny dia madity toy ny sisa amin'izy ireo ilay izy.

72 Inona no hataontsika? Inona no hitranga? Misy zavatra iray be voninahitra izay azoko eritreretina mba hamaranana an'ity lahatsoratra ity.

73 Raha mbola voafatotra i Samsona! Tsy afaka ny hanana fifohazana anankiray isika. Henoy ny rahalahintsika mahatoky, Billy Graham, "Fifohazana amin'ny andronay!" Henoy i Oral Roberts miantsoantso, "Fifohazana amin'ny andronay!" Henoy ny sisa amin'izy ireo, "Fifohazana amin'ny andronay!" Ahoana no ahafahantsika mahazo fifohazana raha mbola voafatotra isika? Nofatorantsika ny Fanahy Masina, tamin'ireo rafi-pandaminantsika sy ireo fomban-drazantsika, ary tsy afaka ny hanana fifohazana anankiray an'ny Fanahy Masina isika. Amena. Fantatro fa mandoro mahamay izany, miaraka amin'ilay toetr'andro, saingy izany no Fahamarinana. Ahoana no ahafahantsika mahazo fifohazana anankiray an'ny Fanahy Masina raha voafatotra loatra isika ary madity! "Endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra," no nolazain'ny Baiboly fa ananan'izy ireo. "Endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa dia mandà ny Heriny." Herin'ny inona? Ny herin'ny rafi-pandaminana ve? Ny herin'izao tontolo izao ve? Ny herin'ny fiangonana ve? Ny Herin'ny Fanahy Masina! Izany no toerana miafina ao anatin'ny fiangonana. Ary rehefa ny fiangonana no manampy mpitoriteny nianatra, sy trano lehibe sy kanto, raha tokony ho ilay fanao fahiny an'ny Fanahy Masina, dia tsaratsara kokoa ho azy ireo ny ho amin'ilay fianarana indray. Amena. Marina. Ahoana no hahazoanareo fifohazana anankiray an'ny Fanahy Masina, nefa ny olona manempotra Azy sy mamatotra Azy ary matahotra Azy? Ao no mipetraka ny olana.

74 "Hamely anao ny Filistina." Fa ny fanantenana tokana voatahy izay ananantsika, raha mbola tany am-ponja i Samsona . . .

75 Inona no zavatra voalohany nataon'izy ireo rehefa azony izy? Nofatoran'izy ireo izy, voalohany. Nesorin'izy ireo ny heriny, hitan'izy ireo ny tsiambaratelony. Hitan'izy ireo ny tsiambaratelonareo. Hitan'izao tontolo izao ny tsiambaratelonareo. Ankehitriny ianareo vehivavy rehetra dia manapaka ny volonareo, tahaka an'izao tontolo izao izany. Ianareo lehilahy rehetra dia lasa ary manao tahaka an'izao tontolo izao. Mety tsara izany, miteny vazivazy ary vazivazy maloto, sy mivoaka ary mifoka sigara vitsivitsy, ary lasa mivoaka miaraka amin'ny vadin'ny mpifanolo-bodirindrina, sy ny zavatra hafa tahaka an'izany, fiarahana misotrosotro kely mba hitazonana ny asanareo. Aleoko matory amin'ny kiboko sy mihinana mofo maina ary misotro rano mangatsiaka, nefa mitoetra madio sy tsy misy fangarony eo anatrehan'Andriamanitra, toy izay hanao marimaritra iraisana amin'ny karazana asa anankiray. Marina izany. Marina. Mijanona marina eo amin'Andriamanitra.

76 "Samsona, hamely anao ny Filistina," Ry Branham Tabernacle, mikisaka eo anivonareo ny isman'izao tontolo izao. Ahoana ny amin'izany? Nahariharinareo ve ny tsiambaratelonareo? Nahariharinareo ve ilay tsiambaratelo izay nomen'Andriamanitra anareo io fony ianareo nitorovoka teo amin'ny vovon-kazo taona vitsy lasa izay? Navelanareo hikisaka ve izany tamin'ny alàlan'ny fivavahana sosialy, ara-fombafomba? Inona no nahazo anareo? Andriamanitra dia afaka midina sy manao fahagagana ary dia midina mivantana eny amin'ny mpanatrika sy milaza amin'ny olona ny tsiambaratelon'ny fon'izy ireo, sy zavatra hafa, sy manasitrana ny marary sy ny ory, sy manao famantarana sy fahagagana, ary mitory ny Teniny mafy araka izay azon'izy ireo atao, tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina; ary hoy ny olona hoe, "Eny, ataoko fa tsara daholo izany. Faly izahay mihaino an'izany indraindray, raha tsy dia reraka loatra izahay." Izany no Branham Tabernacle. Hamely anao ny Filistina.

77 Rehefa, taloha rehefa notorina ny Teny, ary ireo masina tranainy miaraka amin'ny ranomaso eo amin'ny mason'izy ireo, nitsangana tamin'ny tongony sy namindra, nifokofoko, angamba tsy nilaza teny anankiray aza, nihodinkodina teo fotsiny, indroa na intelo, ary dia nipetraka, tena feno ny Fanahy Masina! Ny Teny no namoky azy ireo! "Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra." Hamely anao ny Filistina, ry Branham Tabernacle.

Hamely anareo ny Filistina, ry Pentekotista.

78 Mazava ho azy, azon'ny Filistina ianareo, ny sisa taminareo, efa hatry ny ela rehefa nandamina ny tenanareo tery loatra ianareo, dia tsy nisy na inona na inona afaka niditra raha tsy Presbyterana ianareo, Batista, Metodista, Katolika, na zavatra hafa. Tsy nisy niraharahianareo ny sisa tamin'izy ireo.

79 Noho izany, fifohazana amin'ny andronay? Ahoana no ahafahantsika manana an'izany raha ilay tena mpanome fifohazana anefa dia voafatotr'izao tontolo izao? Andriamanitra dia tsy hiditra ao amin'izay misy an'izao tontolo izao, afaka miantehitra amin'izany fotsiny ianareo. Miray amin'izao tontolo izao ianareo, avy eo dia izay no—izay no faran'io. Rehefa avelanareo misisika izao tontolo izao, dia manao tahaka an'izao tontolo izao ianareo, avy eo dia vita ianareo. Fa rehefa ho tapahinareo ny rojo tsirairay avy amin'izao tontolo izao, ary manatona an'Andriamanitra, dia hampiasa anareo Andriamanitra mandra-pahatonganareo hisakaiza indray.

80 Izao no hany fanantenana izay ananako izao maraina izao, hamaranana ny Hafatro, dia izao, "Raha mbola voafatotra i Samsona, dia nisy foto-bolo nitsiry."

81 Andriamanitra andefaso Fiangonana anankiray izahay mialohan'ny andro farany mihitsy, mba ny Herin'ny Fanahy Masina anie hiditra eo aminy, amin'ny fanehoan'ny Fanahy, ary ny Marka 16 no afaka hanaraka ny Fiangonana, ny Asa 2:4, Asa 2:38, izany rehetra izany dia hanaraka hatrany ny Fiangonana. Famantarana sy fahagagana no nanaraka an'ireo apostoly. Famantarana lehibe ny amin'ny Fitsanganany tamin'ny maty no nanaraka azy ireo. Raha mbola ao an-tranomaizina isika, azo antoka fa Andriamanitra any ho any dia mampitsiry foto-bolo anankiray, ho an'ilay fandringanana lehibe farany. Mety ho ianao izany, ry Kristiana namako eto izao maraina izao, enga anie ny tanjakao mba hanomboka hitsiry. Mivavaka aho mba ho ity Hafatra amin'izao maraina izao ity, ary amin'ny tany izay handehanan'izao, matoky aho fa ity Hafatra ity dia hanampy hitondra ny vitamina ho an'ny rafitrareo mba hampitsiry Hery ara-panahy indray ao amin'ny fiainanareo.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ka hivavaka.

82 O Tompo Andriamanitra, Mpamorona ny Lanitra sy ny tany, ilay Mpanao ny Fiainana Mandrakizay, sy ilay Mpanome ny tsara rehetra sy ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy, raiso ireo teny ireo izao maraina izao ary apetraho ho ao anatin'ny fo izy ireo, ary dia tondraho izy ireo, Tompo. Enga anie ny olona mba hivavaka ny amin'ireny zavatra ireny, amin'ny fahitana fa izao tontolo izao dia nambabo ny fiangonana ary farany dia nahita ny Heriny, nahita ilay toeran'ny tsiambaratelony, nahita hoe aiza no nitoetra ny tsiambaratelony, ary nokakasany izany. Nalainy ireo olona izay niantsoantso fandresena taloha, nanana fandresena taloha, ary nokakasany izy ireo, mba hijanona any an-trano ny Alarobia hariva mba hijery fandaharan'ny televiziona. Nesoriny tao am-pon'izy ireo ny fifaliana, ary nomeny fitiavana an'izao tontolo izao izy ireo betsaka noho ny fitiavan'izy ireo an'Andriamanitra. Nanome azy ireo izao tontolo izao betsaka, ho an'izao tontolo izao, faniriana betsaka ho an'ny fialam-bolin'izao tontolo izao noho ny hanana ny fitoriana ny Filazantsara. Raha toa tsy misy tarika malaza sy fampilalaovana maro, sy horakoraka sy fampilalaovana, amin'izay fotoana izay izy ireo dia tsy mila an'ilay Filazantsara tranainy, intsony, izay mitondra ranomasom-pifaliana ao amin'ny fanahy, izay mitondra indray ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, izay mamerina indray ireo fanomezam-pahasoavana apostolika ho an'ny fiangonana, izay mitondra ho amin'ilay Kristy nitsangana, ilay Mesia an'izao andro izao.

83 Nefa tahaka ny Isiraely voafatotr'ireo—ireo mpanjakany, ka tsy afaka nanaraka an'ilay tena Mpanjaka izy ireo; ary ilay tena Mpanjaka, rehefa tonga Izy, dia tsy nahafantatra Azy izy ireo. Dia toy izany koa ankehitriny. O Tompo, ilay Mpanjakan'ny Voninahitra dia niseho tamin'ny endriky ny Fanahy Masina, ary,

Tompo, tsy mahafantatra azy izy ireo. Tsy mahalala azy izy ireo. Nifandamina tery loatra izy ireo, hany ka tsy azon'izy ireo izany, satria tsy ao anatin'ny rafi-pandaminan'izy ireo izany. Tompo, asan'ny devoly no nanao an'izany tamin'ny olona.

84 Enga anie ny Samsona an'Andriamanitra, enga anie ny marina amin'ny fo, ireo izay misento sy mitomany, sy manao fifonana ary mifikitra, enga anie izy ireo mba hitoetra miaraka amin'izany, Tompo, mandra-pitsirin'io foto-bolo vaovao io, mandra-pisehoan'ny fifaliana indray ao Ziona, ka hiseho ny vondrona anankiray izay afaka hahalala sy hahazo, izay afaka hahita ny Mesia sy ilay Hery miafina izay nafenina tamin'izao tontolo, izay tsy ho azon'izy ireo ankehitriny. Ekeo, Tompo, mba ho hitan'izy ireo izany. Fa mangataka izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

[Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]
. . . Hery izao ankehitriny izao,
O Tompo, alefaso ny Hery izao ankehitriny izao
Ary ataovy batisa ny tsirairay.

Tao amin'ny efitra ambony izy ireo,
Niray saina avokoa izy rehetra,
Rehefa nidina ny Fanahy Masina
Izay nampanantenain'ny Tompontsika.

O Tompo, iraho ny Herinao izao ankehitriny izao,
O Tompo, iraho ny Herinao izao ankehitriny izao;
O Tompo, iraho ilay Hery izao ankehitriny izao
Ary ataovy batisa ny tsirairay.

85 Toy ny inona ny fitiavako Azy! Mandefa fotsiny ny Heriny! Tao amin'ny efitra ambony izy ireo, iray saina izy rehetra. Izao tontolo izao dia tafavoaka tanteraka tao amin'izy ireo. Foana izy ireo, ary tonga ilay Fanahy Masina.

86 Ankehitriny hoy izy ireo hoe, "Tongava, mikambàna amin'ny fiangonana, apetaho ao amin'ilay boky ny anaranareo. Na miondreha ary manaova hoe, 'Manaiky an'i Kristy ho Zanak'Andriamanitra aho,' dia mitsangàna." Manao zavatra mitovy amin'izany ny devoly. Izany tokoa. Ny devoly dia vita batisa rehefa natao batisa i Jodasy. Nandeha nivoaka sy nitory ny Filazantsara ny devoly rehefa nandeha nivoaka nitory ny Filazantsara i Jodasy. Saingy ny devoly dia tsy afaka nahazo ny Fanahy Masina. Izany no izy. Ao no misy ilay Hery miafina, ilay fitsanganana amin'ny maty, izay fantatra fa misy, any ankoatry ny alokin'ny fisalasalana. Amena.

87 Eto Izy. Ilay Fanahy Masina tsy miova, izany Anankiray izany no teo ambonin'ilay Mesia, mbola eo ambonin'ny

Fiangonany foana. Tsy mandao mihitsy Izy. "Homba anareo mandrakariva Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao. Ho any Aho. Ny asa izay Ataoko, no hataonareo koa. Hanao mihoatra noho izany aza ianareo, satria Izaho mankany amin'ny Raiko."

88 Fa nanaovan'izao tontolo izao marimaritra iraisana izany, "Oh, andro efa lasa izany!" Izay mihitsy no tian'ny devoly hataonareo. Tian'izy ireo hambabo ianareo. Andriamanitra tia anareo ho vita batisa. Tian'Andriamanitra ianareo. . . Hoy ianareo hoe, "Oh, izaho tsy mino an'izany karazan-javatra rehetra izany." Mandehana àry dia miainà, mandehana àry dia miainà ao amin'ny fahotanareo, miainà ao amin'ny fahotanareo. Saingy mandra-pahatonganareo ho lo, mandra-pahatonganareo ho lo amin'ny hevitrareo manokana, mandra-pahatonganareo ho lo amin'ireo lamaodinareo manokana, ka havaozina indray sy hateraka indray, fa io Fiainana vaovao io dia ho hafa tanteraka amin'ilay anankiray izay nilatsaka.

89 Ny voan-katsaka iray dia mavomavo rehefa alatsaka, fa maitso izy rehefa mivoaka. Mafy izy rehefa alatsaka, voafono, fa malefaka sy tsofin'ny rivotra izy rehefa mivoaka. Oh, voninahitra! Haleloia! Rehefa manomboka mitsoka ny rivotra, dia tsy afaka manao na inona na inona afa-tsy ny manetsika ny tenany ilay voa, mihofahofa, fa ilay—ilay singan'ahitra kely dia malefaka sy miravoravo, avy eo dia mitombo, manatanjaka ny tenany. Tsy ho lasa ahitra mihitsy izy raha tsy maty ilay katsaka ary lo. Tsy maty fotsiny ihany; fa lo. Tsy afaka miverina intsony, saingy mivoaka avy ao aminy ny fiainana.

90 Toy izay nolazaiko vao tsy ela teo, ny fahaterahana iray dia zavatra mahatsiravina, maharikoriko, maloto, ny maharikoriko indrindra amin'ny maharikoriko, saingy ao no itoeran'ny aina. Rehefa manao ny tenanareo ho maloto ianareo, manao ny fanekem-pinoanareo Metodista, Batista sy Pentekotista ho maloto, ary maty eo amin'ny alitara, amin'izay fotoana izay dia miditra ilay Fiainana. Ilay Fanahy Masina no manao anareo ho eo ambonin'izany; mahita an'Andriamanitra ianareo.

91 Ho hitantsika Izy amin'ny andro be voninahitra iray. Indray andro any ankoatr'izay fahatakaran'ny fahalalana mety maty, dia hahita Azy isika. Mino an'izany ve ianareo? Indray andro any ankoatr'izay fahatakaran'ny fahalalana mety maty, dia miandry ahy any ny ampitso anankiray finaritra.

92 Nijoro teto an-jorony teto aho omaly hariva, ary nihevitra aho fa nahita ilay Raby kely Lawson. Rehefa tonga teto izy taloha, ka nanatsotra ny tehiny tranainy ary nisarika ahy tamin'ny tendany, tamin'ny tendako niaraka tamin'ny tehiny, teto ambonin'ny polipitra teto, ary nihira an'ilay hira hoe, "Any no miandry ahy ny. . ." [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . .?. . .

93 Nisy zavatra nitranga! Naka an'izao tontolo izao nivoaka izany. Nanomboka hafa ny fijeriko ny zavatra. Nanahy be loatra aho mikasika ny fomba izay ataon'ireto vahoaka Amerikana ireto, mandrakariva, isan-taona, eo am-pahitana vehivavy sy lehilahy mampietry ny tenany sy mitsofoka ao anatin'ny fahotana, mandra-pahatongako ho efa saiky tratran'ny fikorontanan-tsaina, indroa na intelo, niahiahy momba an'izany. Omaly, hoy aho tamin'Andriamanitra hoe, "Tsy hiahiahy intsony aho. Ny Teninao no nilaza fa ho toy izany izy. Saingy dia mbola hijoro eo amin'ilay banga aho ary hiantsoantso hanohitra an'izany, miaraka amin'izay rehetra ato anatiko."

94 Tamin'ny indray andro, nijoro tany Green's Mill aho, tao amin'ilay zohiko, niverina tany an-efitra, nivavaka nandritry ny tontolo andro. Ary tokony ho tamin'ny telo ora, nilentika ny masoandro, ary nijoro teo aho nijery teny am-pita, nivoaka avy tao amin'ilay zohy, nijoro teo ambonin'ny vatolampy lehibe anankiray. Ary nijoro teo aho, nijery tany Atsinanana, nidera ny Tompo. Ary afaka nahita ny masoandro nidina tany ambadik'ireo hazo teo an-tampon'ilay tendrombohitra aho, rehefa nijery nitety avy tamin'ny lohasaha anankiray nankany amin'ireo hafa aho, ary nisy ravin-kazo be dia be teo, tony arak'izay azony natao. Ary hoy aho hoe, "Tompo, indray andro Ianao dia nanafina an'i Mosesy tao an-tsefatsefaky ny vatolampy, ary nandalo azy Ianao, satria reraka izy. Fa nandalo Ianao, nilaza izy fa izany dia 'tahaka ny lamosin'ny lehilahy iray.'" Hoy aho hoe, "Afeno ao amin'ilay an-tsefatsefaka aho, Tompo." Saiky tamin'izay fotoana izay, teo anilako, dia tonga ny Rivotra kely iray nikisaka nidina avy teo amin'ireo bozaka. Nikisaka avy hatrany Izany, nanatona teo anilako mihitsy, Rivotra kely iray nidina, dia lasa tany anaty ala tany. Nijoro teo aho.

Indray andro any, Andriamanitra irery ihany
no mahalala hoe aiza na rahoviana,
Ireo kodiaran'ny fiainana mety maty no
hitsahatra,
Amin'izay fotoana izay aho dia handeha
honina eo amin'ny havoanan'ny Ziona.

Indray andro any ankoatry ny fahatakaran'ny
fahalalana mety maty,
Indray andro any, Andriamanitra irery ihany
no mahalala hoe aiza na rahoviana,
(Inona no hitranga? Hifarana izy, ireo
kodiarana kely rehetra izay mihodina.)
Ireo kodiaran'ny fiainana mety maty dia
hitsahatra avokoa,
Amin'izay fotoana izay isika dia handeha
honina eo amin'ny havoanan'ny Ziona.

Midina ambany, ry kalesy mamy,
Mba ho tonga hitondra ahy ho any an-Trano;
Midina ambany, ry kalesy mamy,
Mba ho tonga hitondra ahy ho any an-Trano.

Raha ianareo no tonga alohako any,
Mba ho tonga hitondra ahy ho any an-Trano;
Ilazao Rahalahy Bosworth, sy ireo sakaizako rehetra, ihany koa,
Mba ho tonga fotsiny hitondra ahy ho any an-Trano.

Ankehitriny midina mora . . . (Hidina izy indray andro ka handray ahy.) . . . kale- . . .
(Hirehitra ny hazo rehetra; ireo Anjelin'Andriamanitra, ny kalesy afo) . . . mba hitondra ahy ho any an-Trano;
Midina mora, ry kalesy mamy,
Mba ho tonga hitondra ahy ho any an-Trano.

95 Iray amin'ireo andro ireo, iray amin'ireo andro ireo ao amin'ireo ampahany manjombona an'ireo oram-pahafatesako, dia hitady Azy aho mba ho tonga. Marina izany.

Mijery any ambadik'i Jordana aho ary inona no hitako
Mba ho tonga hitondra ahy ho any an-Trano; (tahaka an'i Elia antitra nijery tany ambadik'i Jordana)
Antokon'Anjely mamirapiratra izay tonga maka ahy,
Tonga izy ireo mba hitondra ahy ho any an-Trano.

Midina mora, midina mora, ry kalesy mamy,
Mba ho tonga hitondra ahy ho any an-Trano;
Midina moramora, ry kalesy mamy,
Mba ho tonga hitondra ahy ho any an-Trano.

96 Ny Tompo Jesosy, ilay Mpamily voatahy an'izany kalesy izany, ilay Mpanamorin'ilay sambo tranain'i Ziona, ilay sambon'ny Fiainana, izay mihetsika ato an-trano, miteny, eto ny Fanatrehany. Ilay tena Fanahy Masina izay nanangana Azy avy tao am-pasana dia eto.

97 Fantatra fa tsy nizara karatra fangataham-bavaka izy ireo, dia misy olona ve eto izay avy any ivelan'ny tanàna, izay tsy fantatro, izay eto mba hivavahana? Atsangano ny tànanareo, izay tsy fantatro. Atsangano ny tànanareo, tsy fantatro. Ianao, ianao iry. Mino aho fa ilay namana kely miaraka amin'ny volombava ery aoriana ery, misy olona manangana ny tànany ery aoriana amin'ity faritra ity. Hia, ianao, nanangana ny tànanao ve ianao? Eny àry. Iry aoriana iry, ianao, tompoko. Eny àry. Vahiny amiko daholo ve ianareo rehetra ireo? Ilay Tompo

Jesosy, ilay Mpiandry ondry tsy miova eto, mino ve ianareo fa marina ireo Fampanantenany? Manosotra ny Fiangonany Izy, ary "Ny asa izay Ataoko, no hataonareo, koa. Hanao asa lehibe noho izany aza ianareo, satria Aho mankany amin'ny Raiko. Betsaka noho izao aza!" Mino an'izany ve ianareo?

98 Nanangana ny tànanareo ve ianareo fa tsy nahafantatra ahy ianareo? Mino ve ianareo fa Andriamanitra dia afaka ny milaza amiko izay ao anatin'ny fonareo, afaka miteny amiko toy izay Nataony mihitsy tamin'ilay vehivavy izay nikasika ny Akanjony? Mino ve ianareo fa Izy no ilay Mpisoronabe izay mety ho voakasiky ny fahalementsika? Raha hasehon'Andriamanitra ahy ny manjo anareo, dia hino ahy ho Mpaminaniny ve ianareo, hino fa eto ny Fanatrehany ary izany no antony Amelany an'izany? Mivavaka ho an'ny vadinao ianao. Tapaka ny maojany anankiray, andilana potika. Marina izany. Raha toa ka marina izany, dia mitsangàna. Eny àry, mandehana jereo izy, tsara. Amena.

99 Ahoana ny momba anao etsy aoriana io, ilay sakaiza kely izay nitsangana, ilay nisy volombava? Mino an'izany amin'ny fonao rehetra ve ianao? Mino ve ianao fa Andriamanitra dia afaka miteny amiko ny olanao? Mino ve ianao fa ho tsara ny zanakalahinao? Mino ianao? Manana tovolahy anankiray ianao, tratry ny paralisisa ao amin'ny atidoha izy. Marina izany. Ianao dia tsy. . . Avy any Kentucky. Raha marina izany, dia atsangano ny tànanao. Tsy mahafantatra anao aho, sa tsy izany? Raha eny. . . Atsangano toy *izao* ny tànanao, tsy mifankahalala isika. Marina izany. Matoky an'Andriamanitra. Mino ve ianao? Koa satria mino ianao, jereo ny zanakao amin'ny fomba izay inoanao. Ataovy fotsiny ao anatin'ny fonao.

100 Iza eto no nanangana ny tànany, fa izaho dia tsy—tsy. . . Ianao ve ilay izy? Eny àry, ramose, mino ahy ho mpaminanin'Andriamanitra ve ianao? [Hoy ilay lehilahy hoe, "Amen."—Mpand.] Mino ianao, amin'ny fonao rehetra? Tsy mila miakatra ianao, mitsangàna fotsiny eo. Eny àry, tompoko, inona ilay aretinao, tratry ny diabetan-tsiramamy ianao. ["Marina izany."] Ary manelingelina ny tongotrao ilay izy. ["Hia."] Avy any Ohio ianao. ["Hia."] Ny anaranao dia Atoa. Miller. ["Marina izany."] Mandehana mody ary aoka ho tsara. Eny àry, minoa amin'ny fonao rehetra. Eny àry.

Minoa ianareo amin'ny. . . Minoa an'izany. Raha afaka mino ianareo!

101 Ilay ramatoa mipetraka eto, nanangana ny tànanao ve ianao? Ramatoa vaventy be, manao solomaso, mino amin'ny fonao rehetra ve ianao? Mino ve ianao amin'ny. . . Mino ahy ho mpanompon'Andriamanitra ve ianao? Mino ianao? Eny àry, raha afaka miteny amiko Andriamanitra hoe inona ny aretinao, dia hino ve ianao? Aretim-po. Eny àry, atsangano ny tànanao raha marina izany. Eny àry.

102 Ilay ramatoa eo akaikinao io, nitsangana. Fo; fa ny tena izy dia ireo masonao. Fantatro izy. Eny àry, raha afaka mino ianao!

103 Iry aoriana iry, ilay lehilahy manaraka aoriana dia tratry ny aretim-po, ihany koa, ary aretin-koditra. Mino ve ianao fa Andriamanitra dia hanao anao ho tsara? Mino ve ianao, tompoko?

104 Misy lehilahy iray ery aoriana ery, nanangana ny tànany izay tsy. . . Atoa. Schubert. Eny àry, tompoko. Eny àry, mino ve ianao? Ilay izy dia ho an'ny masonao, ihany koa, sa tsy izany? Ianao dia mivavaka ho an'ny reninao izay mipetraka eto, ihany koa. Raha marina izany, dia atsangano ny tànanao. Tsy mifankahalala isika. Marina ve izany? Akopakopao ny tànanao, akopakopao miaraka ny tànanao. Eny àry, marina izany. Raha afaka mino ianao, dia afaka hahazo ianao!

105 Ilay Jesosy Kristy nitsangana dia ato anatin'ny trano. Izy ilay Anankiray tsy miova. Inona no ataon'Izany eo aminareo? Namela an'izao tontolo izao nanala ny hery rehetra tao aminareo ve ianareo? Voninahitra! Mila ny fahateraham-baovao aho! Mila Fiainana vaovao aho! Tsy ahoako izay planina hahatongavan'Izany, raha toa ka tsy maintsy ho lasa holy roller iray aho, na zavatra hafa. Tsy ahoako izay planina hahatongavan'Izany, mila ny Fanahy Masina tena izy aho tahaka azy eo amiko ankehitriny. Te-hihazona Azy aho! Aleoko manana Azy toy izay ny zavatra rehetra eto amin'izao tontolo izao. Amena! Mino ve ianareo? Mino ve ianareo fa eto Izy?

106 Apetraho eo ambonin'ny tsirairay avy ny tànanareo, àry. Lazao amiko izay zavatra anankiray amboniny mbola Hataony. Tsy misy. Manàna finoana ankehitriny. Minoa fa tapitra ilay izy.

107 Tompo Andriamanitra, Mpamorona ny Lanitra sy ny tany, Mpanao ny Fiainana Mandrakizay, sy Mpanome ny fanomezam-pahasoavana tsara rehetra, tena manosotra eto ny Fanahinao, Tompo, tahaka ny hoe ilay efitrano no miaina, mihetsika miverina sy mandroso. Nahoana no tsy azon'ny olona izany, Tompo? Izy ireo ve—izy ireo ve tena nikambana tamin'izao tontolo izao be loatra, ary lasa nangatsiaka loatra sy be fombafomba ary nadity, hany ka tsy nahafantatra Anao intsony izy ireo? Tompo Andriamanitra, enga anie ity Hery ity handona ny tsirairay, ka ny olona marary tsirairay ho sitrana, ny mpanota tsirairay ho voavonjy, ka hahazo voninahitra Andriamanitra. Amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, no angatahako an'izany. Amena.

108 Mino an'izany ve ianareo? Atsangano ny tànanareo. Manaiky ny fahasitrananareo ve ianareo? Andriamanitra hitahy anareo. Ankehitriny mandehana ary jereo ilay izy amin'ilay fomba inoanareo azy mihitsy, ho tahaka izany ilay izy. Mahita fahitana aho miseho eo ambonin'ny sasany. Marina izany. Tsy maintsy miverina aho rahariva.

109 Raha tsy mino ianareo ankehitriny, dia tsy hino intsony mihitsy ianareo. Marina izany. Nataon'i Jesosy izany indray mandeha, ary hoy izy ireo hoe, "Ianao dia . . . Fantatray fa rehefa tonga ny Mesia, dia Izy no hilaza an'izany aminay." Hoy izy hoe, "Fantatro fa ny Mesia no hanao an'izao. Fa Iza moa Ianao?"

Hoy Izy hoe, "Izaho no Izy."

110 Avy eo dia nihazakazaka nankany an-tanàna izy ary nanao hoe, "Avia, hizaha Lehilahy anankiray Izay nahafantatra ny momba ahy sy izay nataoko. Tsy izao ve no Mesia?"

111 Hoy Izy hoe, "Hiseho indray ireo zavatra ireo amin'ny andro farany. Ny Fiangonana dia hitory ny Fahamarinana, hijoro amin'ny Teny Izy. Hanatanteraka ny Didin' Andriamanitra rehetra Izy. Tsy hiray amin'izao tontolo izao Izy. Ary amin'ny alàlany Aho no hihetsika sy hanao ny zavatra mitovy ihany."

112 Fa hoy Izy hoe, "Ho kirina izy ireo, mpieboebo, tia fahafinaretana mihoatra noho Andriamanitra, mpanontolo fo, mpanendrikendrika, manana ny toe-panahy araka an' Andriamanitra," tena mpivavaka, mandeha any am-piangonana. "Manana ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa dia mandà ny Heriny. Ireny koa dia alaviro!"

113 Ianareo olona, na aiza na aiza misy anareo ao am-piangonana, izay Nantsoiny izao ankehitriny izao, niala tamiko ilay fahitana. Raha—raha izany no fahamarinana, izay nolazaiko, ary izaho tsy mahafantatra ny aminareo, atsangano ny tànanareo, na iza izany na iza. Manerana ny fiangonana rehetra, ny tsirairay—tsirairay amin'ny olona. Eny àry. Hitanareo? Tsy fantatro izy ireo, tsy mbola nahita azy ireo mihitsy; saingy eto ny Fanahy Masina ary Izy no mahafantatra azy ireo. Tsy afaka mahita ve ianareo fa tsy izaho ilay izy?

114 Henoy! Raha hanankina amiko an'izany Izy, dia hatoky ahy miaraka amin'ny Fahamarinan'ny Teny Izy, satria ny Fahamarinana ihany no afaka ho tonga amin'ny alàlan'ny Teny. "Mibebaha, ianareo rehetra, ary aoka samy hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ho famelana ny heloka, ary ianareo handray ny fanomezana dia ny Fanahy Masina, fa ny teny fikasana dia ho anareo sy ny zanakareo, ho an'izay lavitra, na iza na iza hantsoin'ny Tompo Andriamanintsika." Mino an'izany ve ianareo? Hisy fanaovana batisa eto afaka fotoana fohy monja.

115 Ndao isika hanondrika ny lohantsika. Hangataka ny pasitera aho mba hivavaka raha hiomana ho an'ny batisa izy ireo. Heveriko fa hisy ny fanaovana batisa eto. Eny àry.

Ny Fiangonana Sy Ny Toerany
(*The Church And Its Condition*)
5 Aogositra, 1956, Alahady Maraina

Ety Ny Vavahady
(Strait Is The Gate)
1 Marsa, 1959, Alahady Maraina

Fiangonana Iray, Voafitak'Izao Tontolo Izao
(A Deceived Church, By The World)
28 Jona, 1959, Alahady Maraina

Ireto Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ireto, notoriana tamin'ny teny Anglisy tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta tamin'ny teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2014 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org